
**Toro-marika amin'ny fambole karazam-bilona Brachiaria**

**Inona ny Brachiaria ?**

- Karazam-bilona lava ravina,
- Maintso mandavan-taona,
- Maharitra taona maro.

**Fomba famboly azy :**

- Maniry avy amin'ny alalan'ny voa afafy na zana-paka afindra
- Raha atao fefy iadiana amin'ny asan'ny riaka :
  - ✓ Manaraka tsipika mira haabo na manapaka ny fandrin'ny tany



  - ✓ Arakaraka ny fandrin'ny tany ny elanelan'ny fefy roa
  - ✓ Atao laharan-droa ka
    - 25 sm ny elanelan'ny fototra 2 anaty linina
    - 25 sm koa ny elanelan'ny linina roa
  - ✓ Raha fafy dia tsy atao lalina: tsy mihoatra ny 3 sm
  - ✓ Raha zana-paka dia
    - Tsara lomana ranon-tain'omby mifangaro tany ny faka raha vao avy nongotana,
    - Faranana ny taho mba tsy ho lava loatra (25 sm eo ho eo),
    - Alevina tsara ny faka rehefa mamboly.

- Raha voly feno ho sakafon'omby :
  - ✓ Atao voly manara-dinina ka
    - 25 sm ny elanelan'ny fototra 2 manaraka linina
    - 50 sm koa ny elanelan'ny linina roa

**Fampiasana azy :**

- Afaka herintaona dia efa lehibe azo omena omby,
- Andramana ongotana ka raha mafy dia azo alefa ao ny omby fa tsy avela ho ringitra kosa,
- Tsara kokoa raha jinjaina amin'ny taona voalohany.

**Toro-marika amin'ny fambole karazam-bilona Stylosanthes**

**Inona ny Stylosanthes ?**

- Karazam-bilona boribory ravina,
- Maintso mandavan-taona,
- Maharitra taona maro satria misy zanany mitsiry foana.

**Fomba famboly azy :**

- Maniry avy amin'ny alalan'ny voa afafy
- Raha voly feno atao sakafon'omby :
  - ✓ Atao voly manara-dinina ka
    - 50 sm ny elanelan'ny fototra 2 anaty linina
    - 50 sm koa ny elanelan'ny linina roa
  - ✓ Tsy atao lalina ny fafy:
    - Voa iray tsongo apetraka ambony lavaka dia totorana manify




**Fikarakarana ny voa mialoha ny fafy :**

- Alona rano mafana (zakan'ny tànana ny hafanany) 10 mn,
- Na afangaro fasika dia kosehina

**Fampiasana azy:**

- Afaka herintaona dia efa lehibe azo omena omby
  - ✓ Andrasana ny omby ka tsy avela hijanona ela eo
  - ✓ Azo atao koa ny mijinja sy mamahana ny omby ety ivelan'ny voly.

**Fiotàzana ny voa :**

- Afaka maka ambezo eo amin'ny voly Stylosanthes rehefa matoy izany :
- Mamoha ny Stylosanthes volana mai na jona nefa mety mamerina mamoha ny oktobra.
- Mifono anaty voniny ilay ambezo ka avela ho maina tsara dia kapohina.